Tsenaben'ny fahaleovantena

19 -25 jona eo amin'ny Parvis Analakely

Fanampim-panazavana : 033 73 486 20


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Sabotsy 15 Jona 2019 Laharana 920 Vidiny : 400 Ar


Jehovah, Madagasikara 09 jona 2019, hafatra manokana laharana 46 5

www.gvalosoa.com
gvalosoa@yahoo.com
facebook : gazety valosoa rakoto

Fikarakaràna fifidianana 2

## Tonga ny fotoana tokony hanovana ny CENI




Fitondrana Rajoelina 2

## Nozariny amin'ny gaboraraka ny mponina



CUA SY GASY YOUTH UP 5



### Manatsara ny fahaiza-mitariky ny mpiasan'ny kaominina

Ny Valosoa sy hadihady 3

### Voka-pifidianana miteraka ady sy korontana

Tanora sy fanatanjahantena 6

### Kitranoantrano ny fanendrena ny talem-paritra

**Daka kely**

Hay tsy fitsitsiana fa fifendroana ilay tsy fisian'ny kaly eny lavoloha ry Boaikely a !

Boriboritany faha-6 (CUA) 5

### Maro ireo zava-bita nandritra izay 5 volan'ny taona 2019 izay



FITONDRANA RAJOELINA

## Nozariny gaboraraka ny mponina

Nanomboka ny taona 2009 nisian'ny fanonganam-panjakana notarihan'i Andry Rajoelina no tena niroborobo ny gaboraraka teto amin'ny Tanànan' Antananarivo Renivohitra. Nataon'ny fitondrana Tetezamita notarihan'ny filohany Andry Rajoelina ny naka ny fon'ny olona, ka noranitina ny vahoaka tamin'ny alalan'ny fanelezana tsaho fa didy jadona no misy. Rehefa azon'izy ireo ny fitondrana dia navela nanao ny danin'ny kibony ireo tsy manara-dalàna rehetra. Nirongatra izay tsy izy ny tsy fandriampahalemana, teo ny fikorontanan'ny mpivarotra amoron-dalana satria nampanantenaina tamin'ny fotoan'andro fa hahazo toeram-pivarotana avokoa ireo mpivarotra tsy ara-dalàna.Omena asa ireo tsy an'asa amin'ny alalan'ny famoronana orin'asa isam-paritra sy isaky ny Distrika. Taty aoriana, rehefa lany Ben'ny tanàna, Lalao Ravalomanana dia niasa mafy nanarina ny lesoka navelan'ny rafitra Tetezamita. Niezaka ny fiadidian'ny tanàna nanao izay ho afany nanadio ny tanàna, nanampy ny sosialim-bahoaka, na teo amin'ny sehatry ny fahasalamana izany, na teo amin'ny fampianarana, fa indrindra indrindra ny fandaminana sy fanatsaràna ny tsena manerana ny boriboritany enina. Teo koa ny fanamboaran-dalana eny amin'ny elakelan-trano, nipaka hatrany amin'ny lalampirenena hiditra ny renivohitra. Mbola niroborobo koa ny fifandraisana amin'ny any ivelany na dia nofinganina tsy nahazo vola fanampiana avy amin'ny fitondrampanjakana aza. Ny tena loza dia voafetra ny vola azo raisin'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra avy amin'ireo vahiny mpiara-miombon'antoka avy any ivelany ary tsy maintsy mandalo any amin'ny fanjakana foibe ny fitantanana izany. Vokany, mihemotra ireo mpamatsy vola satria tsy azony antoka ny vola tantanin'ny fitondrana foibe. Na izany aza, niezaka hatrany ny kaominina nanao ny ainy tsy ho zavatra nanatanteraka ny asa nanankinan' ny vahoaka azy.Ohatra iray amin'ireny, tsy mbola nisy na volana iray aza tsy voaloa ny karaman'ny mpiasa tao amin' ny Kaominina, tsy toy ny nitranga tany amin'ny renivohitr'i Toamasina, izay MAPAR no nitondra tao. Tsara tantana ity renivohitra ity satria efa voaarin'ny Ben'ny Tanàna Lalao Ravalomanana sy ireo mpiara-miasa aminy tsikelikely ny gaboraraka navelan'ny fitondrana Rajoelina sy ny namany.

***Rajaonarimpanontsana***

Fikarakaràna fifidianana

## Tonga ny fotoana tokony hanovana ny CENI



Mbola tsy nikatona akory ny fery tamin'ny fifidianana filohan'ny Repoblika teto Madagasikara, izay nanjakan'ny hosoka sy ny halabato be vata teto amin'ny firenena dia natao indray ny fifidianana depiote ny 27 mey lasa teo. Tokony mba nahay naka lesona ny CENI nikarakara io fifidianana io,satria efa nampanantena ny vahoaka Malagasy sy ny antoko politika izy ireo fa hanatsara ny fomba fiasa mba tsy hisian'ny fimenomenomana intsony, fa ho ao anatin'ny mangarahara sy fahamarinana ny fifidianana. Tsy araka ny nampanantenain'ny CENI anefa no nitranga, fa vao mainka marobe ny fitarainana vokatry ny tsy fanarahan-dalàna nataon'ny kandidam-panjakàna izay toa mijery fotsiny sy tsy ahitanteny ny CENI manoloana izany. Vokany, misy ny fihetsiketsehana ataon'ireo vahoaka manohitra ny halabato sy ny hosoka ary ny tsy fanarahan-dalàna ataon'ny mpitondra fanjakàna rehetra manomboka any amin'ny filohampokotany, ka hatrany amin'ny filohan'ny Repoblika. Tsy natahotra ny ramatahora ireo vahoaka tamin'izany, fa nijoro niharo ny safidiny hatrany. Vao omaly ny omaly no nijoro ireo collectif des candidats nanatitra taratasy fitoriana miaraka amin'ny porofo teny amin'ny HCC izay hitany nandritra ny fampielezan-kevitra sy tamin'ny andron'ny fifidianana, mba tsy hisy intsony ilay filazàna hoe "azo raisina fa tsy mitombina ". Tsy nanavahana antoko politika ity collectif des candidats ity fa hita tao avokoa ny ankolafinkery rehetra toy ny antoko politika sy ireo tsy miankina izay naneho ny firaisankinany hanohitra ny tsy rariny eto amin'ny firenena. Tao anatin' izany no nanaovan'izy ireo famelabelarana arahina adihevitra ( conference débat tao amin'ny Live Hotel Andavamamba, namotsipotserana ny fahotana mahafaty nataon'ny TGV tarihin'ny filohany Andry Rajoelina. Nanampatra ny fahefàny ity farany, ka tsy nahatsapa intsony fa mandika lalàna izy Filohan'ny Repoblika manao fampielezan-kevitra ho an'ny kandida natolotry ny antokony IRD. Tao anatin'izany dia nampiasain'i Andry Rajoelina ireo manana fahefàna hanao ny fomba rehetra hampandàny ny kandidam-panjakàna, izay tena voararan'ny lalàna tanteraka izany. Ankehitriny, hamoaka ny valimpifidianana ny CENI androany sabotsy 15 jona izay efa tsy atokisan'ny Malagasy maro an'isa fa tsy hisy fiovàna ny vokatra havokany eo fa tsy maintsy ny fandresen'ny IRD izay efa, nambaran'i Andry Rajoelina tany Paris fa miisa 80 no tsy maintsy hambarany eo, na dia efa hita izao aza ny halatra sy hosoka ary tsy fanarahan-dalàna no ataon'ity farany tamin'izany. Mandrangaranga fifidianana ben'ny tanana indray hoe mety atao amin'ny volana septambra na oktobra izy ireo, nefa ny fifidianana depiote aza ity tsy milamina. Fa inona no mahamaika, tsy aleo ve aloha mandinika kely ianareo satria avy aminareo no isan'ny niavian'ny fanafintohinana tsy mamparosika ny Malagasy hifidy sy ho Leo Fifidianana. Raha mbola io CENI amin'izao endriny izao io no mikarakara fifidianana dia aza manantena ry Malagasy fa dia ho lasan'ny Mapar 100% avokoa ny toeran'ny ben'ny tanàna manerana an'i Madagasikara na hanao inona na anao inona isika. Tonga ny fotoana, tokony hanoloana sy hanavaozana io CENI io. Vao mainka miha-ratsy miha-ratsy hatrany mantsy ny fikarakaràna fifidianana ataon'ny CENI, ka tsy misy antenaina aminy izany hoe fifidianana ao anatin'ny fahamarinana izany.

***Helisoa***

*Ny Valosoa sy fakafaka*

## Tsy manana fahaleovantena tanteraka i Madagasikara

Tsy manana fahaleovantena marina ny firenena na dia idedahana aza ny hanamarihana ny fankazalana izany afaka 11 andro, sy indrindra ny amin'ny taona ho avy izay hitsingerenan'ny faha-60 taona niverenan'ny fahaleovantena. Ny akaiky indrindra ho porofo ilazana izany dia ny vidin-tsolika. Nanao angoan-tenda i Andry Rajoelina tamin'ny faha-100 andro nitondrany teny Mahamasina hatramin'izao fa tsy maintsy midina ny vidin'ny solika rehefa avy mihaona amin'ireo vondron'ny mpandraharaha mpanafatra sy mpaninjara izany eto ny tenany. Efa nisy ny fihaonana teo amin'ny roa tonta kanefa hatreto tsy hita izay vokany mazava. Mpanefoefo manontany ny ory araka ny fitenenana ireo ary teratany vahiny avokoa. Raha araka ny re amin'ny dinika nifanaovana tamin'izy ireo, dia tsy vonona velively hampihena ny vidin-tsolika izy ireo ary ny iriny aza dia ny hiakaran'izany hatrany hitsentsefana an-kolaka ny vahoaka sy ny firenena Malagasy. Fanjanahana amin'ny endriny vaovao mazava be izany. Mikisary tsotra izany, fa voafatotra ara-toekarena ny firenena Malagasy fa tsy manana fahaleovantena izany. Ny tsy fananana fahaleovantena ara-toekarena dia mira tsy manana fahaleovantena marina. Ny Nosy manodidina na "îles éparses", dia tsy mbola tafaverina hatreto, n'inona n'inona fanazavana ny amin'izay dinika natao tany Frantsa tany, ary na nisy koa aza ny filazana fampahafantarana fa efa tany amin'ny taona 1979 io no neken'ny Firenena Mikambana fa an'ny Malagasy. Tsy naverin'ny Frantsay io mandraka ankehitriny fa "nofon-kena an-tanan-tsaka". Ny ampahana tanin'ny Malagasy mbola fihinin'ny fitondrana frantsay dia mbola zanahiny izany. Midika tsotra izany fa tsy mbola manana fahaleovantena marina i Madagasikara 59 taona aty aorian'ny nilazana fa naverina taminy ny fahaleovantenany. Azo lazaina ho sarintsarim-pahaleovantena ihany aza ny iainana mandraka ankehitriny. Izany ve no idedahana sy ivelezana vilany ho ren-tany ho ren-danitra fa hatao manetriketrika ny fanamarihana ny fahaleovantena, na amin'ity taona ity, na ny ho amin'ny taona ho avy. Ampahana fahaleovantena ihany koa no azo ilazana azy ka hibitaka sy hikimpy maso ve ny Malagasy ankehitriny? Ho faly amin'ny zavatra tsy feno fa mbola iarahana amin'ny mpanjanaka azy efa ho siekla iray mahery izao, miampy ireo taty aoriana teratany vahiny misoko mangina mandroba ny harempirenena eto ve ny Malagasy? Fantatra fa misy ireo sokajin'olona mahazo tombony sy manan-karena amin'ny fiarahana miray petsapetsa sy misalobo-komana amin'izy ireo kanefa vitsy an'isa ireo. Tsy azon'ny saina ekena anefa raha ireo no mifehy ity firenena naha-saropiaro ireo razambe sy ireo raiamandreny nahafoy nandatsaka ny ràny sy ny ainy teto ity, fa ny ho an'ny taranany rehetra aty aoriana no notsinjoviny tamin'izany. Ary ny Malagasy tia tanindrazana marina dia tsy manaiky izany fitsentsefana ny haren'ny fireneny sy ny vahoaka Malagasy ary niharihary tanteraka izany tato anatin'ny 10 taona farany izao.

***Sôh'son***

Aorian'ny vokatry ny fifidianana depiote

## Hatao amboletra indray koa ny fifidianana ben'ny tanàna

Anio 15 Jona no hamoaka ny vokatra vonjimaika tamin'ny fifidianana solombavambahoaka notanterahina teto Madagasikara ny 27 Mey lasa teo ny Ceni. Mbola mitohy hatramin'ny omaly ny fampitahana ireo voka-pifidianana solombavambahoaka raha ny nambaran'ny mpampaka-tenin'ny Ceni, ary anio 15 Jona no hamoaka ny vokatra vonjimaika izy ireo. Ny fitsarana avo momba ny lalàm-panorenana (HCC) kosa no tompon-teny farany amin' ny famoahana ny vokatra ofisialy amin'izay solombavambahoaka ho lany eo. Fa aorian'ny vokatra ofisialy havoakan' ny Hcc, dia fantatra fa hatao amboletra indray ny fifidianana ben'ny tanàna amin'ity taona ity. Mety hahazo ny maro an'isa eny anivon'ny Antenimierampirenena ny mpanohana ny fitondrana, efa neken'ny Hcc ihany koa ny fampihenana ny loholona ho 18 raha toa ka 63 izany teo aloha. Mbola hanendry governoram-paritra koa ny filoham-pirenena. Raha toa ka misisika hanao fifidianana ben'ny tanàna dia mbola ho sarotra ihany koa ny tsy hino fa tsy maintsy ny mpomba ny fitondrana hatrany no ho betsaka satria tratry ny tsindry sy ny antsojay ny ben'ny tanàna tsy miara-dia amin'ny fitondrana. Ankoatr'izay ny hosoka sy ny hala-bato izay efa hanairan'ny vahoaka sahady hoe mbola atokisana indray ve ny Ceni amin'izany fifidianana ben'ny tanàna izany raha izay fifidianana nifanesy teto amin'ny firenena izay no jerena, ka mety mbola hampihena indray ny tahampahavitrihan'ny olom-pirenena hifidy.

***Rajo***

Ny Valosoa sy hadihady

# Voka-pifidianana miteraka ady sy korontana

Hatramin'ny fitondrana TGV , nandalo ny fitondrana HVM ary hatramin'izao fotoana izao dia miteraka korontana sy adilahy politika foana ny voka-pifidianana. Tsiahivina ny fifidianana teo aloha, fa na kara-pokontany aza nahafahana nifidy, nitohy tamin'ny hala-bato isan-karazany izany. Izao indray ny lisi-pifidianana mihitsy no voakitika sy namboamboarina . Nanao ny ataony koa ireo mpikambana ao amin'ny birao fandatsaham-bato hatramin'ny lehiben'ny fokontany, ny delege miaraka amin'ny solontenan'ny kandida. Hatramin'ny solontenan'ny CENI avy no tafiditra tao anaty kilalao maloto. Efa nisy hatramin'ny kandida solombavambahoaka maty ihany koa ankoatra ireo tafiditra am-ponja. Marihana fa ireo olon'ny IRD sy ny avy amin'ny HVM teo aloha miampy ireo kandida tsy miankina mpiara-dia amin'ny fanjakana no tena nifanaritaka satria samy mahay, mifankahita t…sikoko ary miafara amin'ny fihantsiana, fanalambaraka eny amin'ny haino aman-jery. Ny an'ny antoko TIM.K 25 kosa manara-dalàna, mahalala fomba, ka eny anivon'ny fitsaràna avo momba ny lalam-panorenana (HCC) ihany no ametrahany ny porofo rehetra miaraka amin'ny fitoriana sy fitarainana. Rehefa misy kosa anefa ny tsy mety dia ampahendrena no atao, tsy tahaka ny sasany manao gisa lahy mangala-ketsa, ka izy tsy manara-dalàna indray no avo vava. Ho avy indray ny fifidianana Maire sy mpanolotsaina atsy ho atsy , ary inoana marimarina fa tsy maintsy hanao ny ataony indray ireo efa zatra nanodinkodina ny safidin'ny vahoaka mpifidy ary hiafara amin'ny fanasàna vangy dia avy eo milamina ho azy ny raharaha. Io ilay paipaika politika politisianina fanaon'izy ireo. Mody miady aloha , avy eo mifampizara seza sy toerana, fa ilay vahoaka nifidy kosa voatampim-bava tsy afa-miteny intsony satria didy tsy azo ivalozana no mivoaka avy any ambony any. Mirehaka ho nahazo solombavambahoaka maro ny avy amin'ny vovonana IRD, ho eny amin'ny Lapan'i Tsimbazaza na dia mbola tsy vokatra ofisialy aza, ary ny filohany, Andry Rajoelina mihitsy no nilaza tany Paris, Frantsa, nandritra ny fitsidihana ofisialy nataony. Midika izany fa efa maty paika avokoa ny raharaha, ka na inona na inona voka-pifidianana marina tany amin'ny faritra maro dia efa mazava fa izay vokatra tiany hatao hatrany no hivoaka eo, noho ireo halabato maro. Aoka isika tsy ho gaga raha malaina sy mihena an-toerana tahaka ny fen'antitra ny isan'ny mpifidy satria efa leon'ny fitaka maimbo. Na izany aza dia misy fetrany avokoa ny zava-drehetra ary tsy ho tantin'izay mamita-bahoaka ny hatezerana, rehefa hipoaka ny sarom-bilany, vokatry ny ataon'ireo mpitondra mpanao politika maloto, mpangala-bato sy mpanao hosoka ireo.

*Rajaonarimpanontsana*

FIFIDIANANA DEPIOTE

## Hamoaka ny voka-pifidianana vonjy maika ny CENI anio




Hamoaka ny voka-pifidianana vonjy maika ny CENI anio eny alarobia, nampahafantatra izany izy ireo ny alakamisy teo. Tamin'izany koa no nanazavany ny fikirakirana ny voka-pifidianana. Vita tanteraka ny alarobia teo ny fikirakirana ny voka-pifidianana Solombavambahoaka. Tonga avokoa ny vokatra avy amin'ireo distrika 119. Rehefa natao ny fikirakirana hoy ny CENI dia : 14 no isan'ny fitanana an-tsoratra manambara ny tsy fanjariana fototra ny tsy fanjarian'ny fifidianana (PV de carence) : ny 6 dia manambara ny fahitana fototra ny tsy fanjarian'ny fifidianana (3 vokatry ny tsy fisian'ny fifidianana mihitsy : Maintirano, Mampikony, Ambovombe), ny 3 hafa kosa dia vokatry ny tsy fahatongavan'ny voka-pifidianana mihitsy teny amin'ny SRMV (2 Ambilobe, 1 Ifanadiana). Ny 8 kosa dia avy min'ny distrikan'Analalava : misy ny vokatra voaray saingy nandefa fitanana an-tsoratra manambara ny fahitana fototra ny tsy fanjarian'ny fifidianana niaraka tamin'izany ny SRMV, misy ny tsy ara-dalàna ka nanaovan'ny SRMV izany. Taha-pandraisana anjara : 40,71%. Beloha Androy : 63,93%, Antananarivo IV : 18,41%. Teo amin'ny fampitahana ny fitànana an-tsoratry ny voka-pifidianana: aman'arivony ireo fangatahana hanao fampitahana saingy 837 amin' ireo no nekena ary nanatontosana fampitahana fitanana an-tsoratra avy amin'ny distrika miisa 23. Efatra (04) tamin'ireo no nahitana tsy fitoviana : 2 avy ao amin'ny distrikan'i Soalala, 1 Arivonimamo, 1 Ambositra. Marihina fa na misy na tsia ny tsy fitoviana dia tsy afaka manova na manitsy ny voka-pifidianana ny CENI. Manao fitanana an-tsoratra iraisana kosa ny roa tonta (kandida sy ny CENI) ary halefa any amin'ny HCC izany. Momba ny fitarainana sy fitoriana voaray: 71 ireo fitoriana voarain'ny CENI. Mbola raisina ireo fitoriana mifandraika amin'ny tsy fanarahan-dalàna mandritra ny fampielezankevitra sy ny andro fandatsahambato hatramin'ny anio sabotsy 15jona, fotoana hamoahan'ny CENI ny voka-pifidianana feno vonjimaika. Ho an'ireo fitoriana sy fitarainana mikasika ny tsy fanekena ny voka-pifidianana kosa dia mandritra ireo 48 ora aorian' ny famoahan'ny CENI ny voka-pifidianana feno vonjimaika no hahafahana mametraka izany eny anivon'ny HCC. Mahakasika ny tatitra avy amin'ireo mpanaramaso fifidianana: fito (07) amin'ireo fikambanana 39 nomen'ny CENI fankatoavana hanaramaso ny fifidianana solombavambahoaka no nahatonga tatitra teny anivon' ny CENI. Na dia tapitra ny 6 jona aza ny 10 andro omen'ny lalàna hanaterana izany tatitra izany dia mbola mandray izany tatitra izany ny CENI. Eo amin'ny famoahana ny voka-pifidianana vonjimaika, anio sabotsy no hamoaka voka-pifidianana feno vonjimaika ny CENI. Hasainy hanatrika izany ireo solontenam-panjakana, ireo kandida nilatsaka hofidiana ho solombavambahoaka izay afaka, ny fiarahamonim-pirenena, ireo mpiaramiombonantoka ary ny haino amanjery. Aorian' izao fifidianana Solombavambahoaka izao dia miomana amin'ny fikarakarana ny fifidianana ben'ny tanàna indray ny CENI. Hisy avy hatrany aorian'ny famoahana ny vokatra feno vonjimaikan'ny fifidianana Solombavambahoaka ny fivoriamben'ireo mpikambana ao amin'ny birao maharitry ny CENI hamolavolana tetiandro sy tetibola mikasika izany.

*Nangonin'Isambilo*

## NY TENY FIAINANA

*Marka 1:22*

*Dia talanjona ny olona tamin'ny fampianarany, satria nampianatra azy tahaka izay manana fahefana Izy, fa tsy mba tahaka ny mpanora-dalàna.*

facebook NY VALOSOA VAOVAO

## Mandrangaranga fifidianana ben'ny tanàna indray ny CENI, ny teo aloha aza tsy voafehiny

**Arp Helisoa :** mandrangaranga fifidianana indray ry CENI . nefa ny fifidianana depiote aza tsy milamina. Fa inona no mahamaika, tsy aleo ve aloha mandinika kely ianareo satria avy aminareo no isan'ny niavian'ny tsy mamparisika ny Malagasy hifidy sy ho LEO FIFIDIANANA.

**Tsirinandrianina Tsiry :** olom-bitsy mandresy ny firenena iray manontolo ! dé gaga aho.

**Salomon Rasoavamanana :** aoka kosa izy hikarama e...

**Mamy Rabemanantsoa :** tokony hovana ny membre na foanana mihitsy aloha alamina tsara ary eken'ny rehetra izay vao miroso amin'izany fifidianana Izany.

**Noro Ramanoarison Rafidison :** tena fanaovana tsinontsinona ny mpifidy izany. Mialà fa fahavalom-pirenena nareo CENI!

**Tody Raminosoa Tefiharisedra :** aleo hitohy ny ataony fa rehefa leo mangina ve ny olona tsy hitroatra amzay e!

**Tanora Tim Antsirabe :** tena marina, nefa isika koa tokony hiomana dieny izao fa reo anao ny ataony eo foana, mba hahafahantsika manana Ben'ny Tanàna maro.

**Davidson Andrianavalona :** misy ketrika vola ndr1 ao ambadik'izany, mazava be tsy takona hafenina tsony ny fikan'ireo CENI ireo e!

**Noro Ramanoarison Rafidison :** dia mba tsy leo vola maloto ve ireo sa efa tena tsy misaina intsony?

**Davidson Andrianavalona :** de tsy hay tsony fa ny fifidianana de resa-bola maloto andry zareo koo!! asa mba milamina ihany ve ny sainy mamahana vola maloto ny vady amanjanany.

**Noro Ramanoarison Rafidison :** very fanahy mbola velona!

**Davidson Andrianavalona :** hihihi! Tena marina miitsy zany e!

**Tovohery Ratsimba :** misy zavatra mahamaika azy mihitsy ao, misy tsindry be ataon'ny hafa aminjareo!

TONONKALO

## Ny Fitsarana Avo sisa...

Ny fitsarana avo sisa no hany mba ho fefy farany,
Aro riakan`ny vahoaka sy ho tobim-pamaharany,
F`efa tsy azony itokiana ilay vaomiera anankiray,
Milaza ho "mahaleotena" , kanjo tena tsy izay !

Ny fitsarana avo sisa no hany mba hohenoina farany,
Raha iasan`ny Fanahy ka tena ho mendrika ny anarany:
Ho mpitsara mendri-kaja sady tsy mba hitanila,
Ka tsy hanao izay hampiakarana olona mivaralila!

Ny fitsarana avo sisa hanana an`izay hambarany,
Ka dia asa raha "hamotaka" amin`ny fotoana farany!
Fa ny antsika , izao no baiko : mivavaha hatrany hatrany,
Mba ny marina no handresy , izay dia izay irery ihany .

Ny fitsarana avo sisa avelantsika hanao ny anjarany,
Ho tena tompon-teny farany ny amin`i Madagasikarany.
Dia mirary ny hahavitany izany asa be izany,
Fa dia maso an-tapitrisa , izany no hifantoka any !

Ny fitsarana avo sisa no hanao ny fandidiana.
(Efa kivy ny vahoaka nefa hiandry am-pitoniana),
F`efa impiry impiry moa no nodisoina ny safidiny,
Saingy "gasy ka dia miandry" izay ho mamy na mangidiny!

*SEDERA RAVALISON (13-06-19)*

## An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka, Helisoa

**Ny didimpoitra faobe natao teny amin'ny CSB Namontana nokarakarain'ny CUA Boriborintany faha-4.**









*Ny sasany amin'ireo mpianatra nitsidika ny toeram-pamakiam-bokin'ny Antenimierandoholona.*

### Mpianatry ny Sitcom

## Liana amin'ny Antenimierandoholona

Tonga nitsidika ny ivon-toeram-pamakiam-bokin'ny Antenimierandoholona Ampefiloha ireo mpianatra taona voalohany, avy ao amin'ny STICOM "Sciences et Technique de l'Information de la Communication" ao amin'ny Oniversiten' Antananarivo, izay noraisin-dRandrianambinina Christiansenn, talen'ny Fitantanandraharahan' ny fitsinjaram-pahefana eo anivon'ny Antenimierandoholona omaly. Tafiditra ao anatin'ny tetikasa IDIRC : « Institut Démocratiques Intègres Représentatives et Crédibles», "andron'ny varavarana misokatra ho an'ny famakianm-boky », karakarain'ny Unesco nandritra ity herinandro ity ny fitsidihana ireo ivon-toeram-pamakiam-bokin'ity Andrimpanjakana sy ny an'ireo Minisitera isan-tsokajiny tamin'ity taona ity. Ny lohahevitra dia ny hoe : « bien informé, l'Homme est un citoyen, mal informé, il reste un simple sujet ». Tetikasa izay mifandraika amin'ny politikampanjakana amin' izao fotoana izao satria ny tanjona dia ny famerenana indray ny mpianatra sy ny tanora ho tia hamaky sy hikaroka amin'ny alalan'ny famakiam-boky. Tamin'ity taona 2019 ity dia ireo mpianatra avy amin'ny Anjerimanontolo no notsongaina manokana noho ny fahatsapana fa ny mpianatra avy amin'ny ambaratonga ambony sy ireo mpampianatra mpikaroka no tena mampiasa ny ivon- toerana famakiam-boky. Anisan'ny tanjona ihany koa ny fampahafantarana ny besinimaro fa misy ivon-toerana famakiam-boky koa eny anivon'ireny Andrinpanjakana sy Ministera ireny. Nambaran'ny talen'ny Fitantanandraharahan'ny fitsinjaram-pahefana, fa ny ivon-toerana famakiambokin'ny Antenimierandoholona dia tantanan'ny sampandraharahan'ny « Documentation » izay ao anatin'ny fitantanan-draharaha sahaniny, mitahiry ireo atontan-kevitra mikasika ny Antenimierandoholona, ireo boky maro isankarazany toy ny hita eny amin'ny toeram-pamakiamboky rehetra ary ireo gazety miseho isan'andro. Ny tanjon'ny ivon-toerana dia ny mba hanamorana ny fanomezambaovao ireo Loholona, ny mpiasa ary ireo mpitsidika.

Ho an'ireo mpianatra dia zavadehibe ny fisian'itony ivon-toerana famakiam-boky itony, noho izy manome tahirin – kevitra ofisialy ipoiran'ny loharam-baovao ary koa mampitombo fahalalana.

*Helisoa*

## Sakafo Ny Valosoa



Henakisoa sy poireau indray no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Hatao ketsaketsa izany laoka izany. Dia mazotoa homana tompoko !

### NY VALOSOA sy Mahasoa

## Ireo voka-tsoa azo avy amin'ny kôkômbra

Ireo voka-tsoa azo avy amin'ny kôkômbra indray no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Mety ho an'ny misy tosi-drà, goty, cholestérol izy. Isan'ny legioma mitondra vokatsoa betsaka indrindra ny kôkômbra ka ireto 9 ireto no tena lehibe indrindra amin'izany:

- Manome rano betsaka ny vatana. Ny 95% ny kôkômbra dia rano avokoa, rariny izy raha mitondra rano.
- Mitsabo volo sy hoditra. Raha diso main'ny masoandro ny hoditra dia asio kôkômbra mivaofy hampitony azy. Asio silaka kôkômbra kosa ny maso raha bongo. Ary poteho, ataovy masque ho an'ny volo tiana haniry haingana.
- Misoroka ny fofombava. Raha misy fofona ny vava dia maka silana kôkômbra iray, atao ao ambany lela mandritra ny 30 segaondra dia hisinda ny fofona ratsy.
- Mampitony aretin'an-doha. Raha avy namonjy fety na tsy ampy torimaso dia mitsakotsakoa kôkômbra manta mialohan'ny hatoriana. Ny siramamy sy ny vitamina B entiny dia ampy hampitoniana ilay aretin'an-doha.
- Mampihena, manamora fandevonan-kanina. Satria rano no betsaka ao aminy dia mampihena izy, izy rahateo be fibra. Fa ankoatra izay dia manampy amin'ny fandevonan-kanina izy no sady misoroka ny fitohanana.
- Mandamina ny tosidrà sy ny cholesterol. Ao anaty kôkômbra mantsy dia misy singa manosika ny sarakaty hamokatra "insuline" sy "sterols", ary potassium sy magnesium, samy singa ilain'iretsy ambony.
- Manatsara ny aretina "goty" sy "arthrose". Ny singa "silica", vitamina A, B1, B6, C, D, ny folate, kalsioma, magnesium ary potassium dia samy mampidina ny tahan'ny "acide urique" mampihombo iretsy aretina etsy ambony.

### NY VALOSOA sy Mahavariana

## Ny tanànan'Ikongo any amin'ny faritra Vatovavy Fitovinany

Ny tanànan'Ikongo any amin'ny faritra Vatovavy Fitovinany indray no Mahavariana sy Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Ity tanàna ity dia renivohitry ny tanànan'Ikongo na Fort-Carnot tany aloha. Tsy dia avo toerana loatra ity tanàna ity satria 280 m ny haavony miohatra amin'ny ranomasina. Kaominina ambonivohitra ny tanànan'Ikongo, amin'ny faritra atsimo andrefan'ny faritra Vatovavy Fitovinany no misy azy. Vokatra any an-toerana ny vokatra samy hafa toy ny kafe, ny letchis, ny akondro,...



# Jehovah, Madagasikara 09 jona 2019, hafatra manokana laharana 46

**Faminaniana sy fanambarana ho an'izao tontolo izao.**

***Asan'ny Apostoly 1: 8 "Fa hahazo hery hianareo amin'ny hilatsahan'ny Fanahy Masina aminareo, ary ho vavolombeloko any Jerosalema sy eran'i Jodia sy Samaria ary hatramin'ny faran'ny tany."***

Ry mpamaky sy mpihaino, mbola fampianarana ny mikasika ny Pentekosta no hotohizako JEHOVAH. ***Asan'ny Apostoly 1: 1-4.*** Nisy hafatra sy fampianarana nolazain'i Jesosy andrao dia misy olona mandeha amin'ny sainy sy raisin'ny olona ankamehana ny FAHAMARINANA. Ka dia nanangona ny mpianatra sy ny Apostoly JESOSY nampianatra ny amin'io FANAHY MASINA io ary indrindra ny fomba fiasany, ny fotoana izay ahatongavany ihany koa. Talohan'ny PENTEKOSTA no nampianaran'i Jesosy sy nanafarany ny mpianatra maro nanaraka AZY ny amin'ny atao hoe PENTEKOSTA nandritra ny 40 andro izay nisehoany mba ho fantatry ny olona ary nataony tamin'ny antsipirihany mihitsy. Ka raha JESOSY nanambara AHY dia izao ny hafany hoe hianareo koa manambara io FANJAKANA io izay tsy maintsy hiverenany ambany masoandro indray . Ka tokony tsy hataon'ny olona ambanin-javatra mihitsy ilay NY BATISA DIMY. IZANY NO FIANDOHAN'NY FANJAKANA. Raha te hiakatra aty andanitra dia tsy maintsy miandoha amin'ireo FANJAKANA ireo.

***Asan'ny apostoly 1: 5*** Aza misy maimaika hoe tokony efa hiainga, tokony efa hanao fa aoka aloha hiandry ny TENY FIKASANA. Ny mpianatra anie ka maika be mihitsy rehefa azony ny fampianarana ka nanao hoe efa tokony handeha, efa tokony hiasa, tokony hanao. Tsia tsy mbola izany fa misy vanim-potoana avokoa. Mbola tsy tonga ilay TENY FIKASAKO. Rehefa mbola tsy tonga izany dia miandry aloha, mijanona aloha. Tsy amin'ny fotoana izay mety amin'ny olombelona fa amin'ny fotoana izay voatendriko. I Joela anie nahalala an'izany ary nampiomana sy nampahafantatra fotsiny izy satria mbola tsy tonga ny fotoana. Tsy maintsy vita ny Batisan'ny Fanahy Masina izany hoe tsy maintsy milatsaka aloha ny FANAHY MASINA dia ilay PENTEKOSTA dia izay vao afaka mandeha ny olona.

***Asan'ny apostoly 1: 6*** Raha ny marina dia amin'izao vanin'andronareo izao no hampodiana ilay FANJAKANA ho amin'ny olona. Dia hoy Joela hoe AMIN'NY ANDRO FARANY satria tsy andro farany no niainan'ny Apostoly fa izao andronareo izao no atao hoe andro farany. Ka tonga izany izao ny fotoana hampodiana, hamerenana amin'ny laoniny, hametrahana io FANJAKANA io. Ahoana ary no fomba hahatongavan'ilay FANJAKANA? Rehefa lasa JESOSY dia natao izany, **hotendreko JEHOVAH amin'ny FAHEFANA.** Izany hoe raha misy izany ny Fifohazam-panahy na ASA LEHIBE dia tsy maintsy misy HERIN'NY LANITRA sy FAHEFAN'NY LANITRA ary ny FANAPAHAN'NY LANITRA tonga ao manatanteraka ilay ASA fa tsy sain'ny olombelona na fahalalany na fiheviny. Izany hoe ny **LANITRA no MANAPAKA , izay avy aty an-danitra no aseho sy aharihary dia misy MPANAPAKA izany dia JESOSY**. Tsy maintsy misy mpanapaka ohatr'izao hitanareo izao. Ny MPANJAKAN'NY LANITRA no mpanapaka.

***Asan'ny Apostoly 1: 7- 8.*** Miaraka amin'io FANJAKANA ilay Hery sy Fahefana ary Fanapahana. Tsy misy afaka manapaka afa-tsy izay tendreko irery ihany. Fa izay manao ankoatran'izany dia mpisandoka izy. Izany no mahatonga ny fiainanareo zanak'olombelona ambany masoandro izao tsy ara-dalàna, tsy misy fiadanana satria misy fanapahan'olombelona. Fa rehefa io FANJAKAKO io no tonga dia miaraka amin'izany dia **FANJAKAM-PIADANANA, FANJAKAM-PITIAVANA.** Ka io FIFOHAZAM-PANAHY izay hataoko io dia hiaraka amin'izany fa tsy tahaka izao ataon'ny olona izao. Fitoriana ny FILAZANTSARA, fitaomana ny olona ho ao amin'ny FANJAKANA, miaraka amin'ny HERY, FAHEFANA, FANAPAHANA, VONINAHITRA LEHIBE, FAMANTARANA sy FAHAGAGANA ilay ASA LEHIBE. Ny famantarana halefako dia jereo ny lanitra fa hanao zava-mahagaga amin'ny tany AHO. Noho izany mbola tsy tonga akory ny fotoana fa kosa efa misy ny fiandohana mba hiomanana fa ho avy izany. Dia IZAHO mamaly hoe miomana fotsiny fa efa akaiky ny fotoana fa izao ilay andro farany anatanterahana izany. Satria tsy maintsy ho vavolombelona any amin'ny toerana rehetra izay tsy mahalala izany hianareo.

***Asan'ny apostoly 1: 9*** Rehefa vitan'i JESOSY ny fampianarana mikasika ny FANAHY MASINA, mikasika ilay FANJAKANA dia niala teo amin'ny olona IZY.

***Asan'ny apostoly 1: 10-11*** Nanontany ilay anjely hoe fa inona no mahavariana, inona no mahatalanjona? Ka izao zavatra teneniko anareo izao dia aza gaga, aza variana fa miomàna fa tsy fantatrareo na ny andro na ny ora. Iny JESOSY izay nampakarina, niala teo aminareo ho aty an-danitra iny dia mbola ho avy tahaka ny nahitanareo AZY niakatra taty an-danitra indray. IZAHO ihany koa dia mampiomana anareo hoe aoka ho raisinareo izany fampianarana izany fa izany zavatra efa niseho teo amin'ny Apostoly izany dia hianareo no hiaina azy. Tsy hita maso aloha fa hapetraka ao anatinareo, ho tonga ao anatinareo dia miaina ao amin'ilay FANJAKANA hianareo. Tsy misy intsony ny hoe fa maninona ny eto amin'ity faritra ity no mbola manao ohatran'izao ary maninona hianareo eto amin'ity tanàna ity tsy manao an'izao. Izay rehetra manana ny FANJAKANA ao anatiny dia tsy tokony hatahotra na inona na inona. Tsy tokony hangovitra na hatahotra satria tsy azo ampihorohoroina ny FANJAKAKO, tsy azo ampitahorina, tsy azo ampifalifalaina. Noho izany TSY AZO AMPIHOROHOROINA izany IZAY MANANA NY FANJAKAKO. Mitenena izany mihitsy ianao amin'ny androm-piainanao rehetra fa mandositra i losifera. Io losifera io tsy manana fanjakana tena tsara orina, tsy manana fanjakana tena azo antoka fa mpampihorohoro fotsiny, mpampitahotra. Ampiharo ny FANJAKANA ao anatinao ary teneno i losifera hoe mialà ry fanjakana mpampihorohoro, fanjakana tsy manana faharetana mandrakizay, tsy azo antoka, tsy azo ianteherana, tsy misy fiorenana. Avy eo dia mba teneno indray ny AHY. Ianao raha mahay an'izany dia matahotra anao i losifera fa ianao tsy miteny izany no mampisehoseho azy, tohero izay azy.

Amen

Mbola hitohy.

JEHOVAH MPANJAKA MANDRAKIZAY

Telephone : ***033 12 461 43***

E-mail: jehovahandriamanitra@gmail.com

Facebook : Jehovah Andriamanitra page

Radio:

Antsiva, FM 97.6, Alarobia maraina 5ora 45min- 6ora

Soa Radio, FM 96.8, Alahady maraina 6ora 30min -7 ora

RMK, FM 102.4, Asabotsy 12 ora -12 ora 30min

Gazety Ny Valosoa Vaovao (www.gvalosoa.com): mivoaka Talata sy Asabotsy

## CUA sy Gasy Youth Up

# Manatsara ny fahaiza-manao sy fahaiza-mitariky ny mpiasan'ny kaominina

Ny alakamisy teo sy omaly zoma tao amin'ny Lapan'ny Tanàna Analakely, ny "team building project", na fanatsarana ny fahaiza-manao ho an'ny mpiara-miasa ao anivon'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA), niarahany tamin'ny fikambanana Gasy Youth Up. Ity fikambanana ity dia misehatra eo amin'ny lafiny sosialy, ekonomika, tontolo iainana, ny zon'ny ankizy ary tamin'ity indray mitoraka ity izy ireo dia nitondra ny anjara birikiny amin'ny fampandrosoana ifotony, tamin'ny alalan'ny fitondrana sy fizarana ny fahaiza-manaony ho an'ny mpiasan'ny Kaominina. Raha araka ny voalazan'ny tompon'andraikitra avy eo anivon'izany fikambanana izany dia ny fanamafisana ny firaisankinan'ny mpiasa, ny fandrafetana ny vina iraisana no tena anisan'ny tanjona tamin'ity "team building project" ity ary ny fahaiza-mitarika, mba hahafahana mampiroborobo sy mampivelatra ny tena ho an'ny tsirairay. Ny mpitantana eo anivon'ny Kaominina Antananarivo Renivohtira dia miezaka hatrany ny hampitombo ny lenta sy ny fahaizan'ny mpiaramiasa, mba hahafahan' ireo mpiasa manao ny asany antsakany sy andavany. Nanome voninahitra ny fotoam-panokafana izao fanofanana ny mpiasan'ny CUA izao ny sekretera jeneralin'ny kaominina, Guy Rivo Randrianarisoa.



*Ny fiofanana momba ny fahaiza-mitarika, tetsy amin'ny Lapan'ny tanàna Analakely.*

**Aly**

## Boriboritany faha-6 (CUA)

# Maro ireo zava-bita nandritra izay 5 volana tamin'ity taona ity izay

Raha ny tao amin'ny boriboritany fahaenina, Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA) manokana no lazaina hoy ny delege Fehizoro Andriamananjezika, betsaka ireo asa vita sy natao nandritra ny 5 volana tamin'ity taona ity izay. Nisy ny didimpoitra faobe izay natao ny 31 mey teo, niarahana tamin'ny BMH, ka zazakely niisa 27 no nisitraka izany. Nisy ihany koa ny fisoratam-panambadiana faobe, ka mpivady efa tranainy niisa 57 no nisitraka ny soram-piankohonana tamin'izany, avy amin'ireo fokontany miisa 31. Fanamboarana sy fanatsarana ny lalankely teny Ambodihady izay mirefy 200m. Nisy koa ny fanamboarana ny arabe rarivato, izay mampitohy ny fokontany Ambohimandroso sy fokontany Ambodivonkely. Nesorina tanteraka ireo rarivato dia nampiakarina mba tsy hampihandrona ny rano eo amin'ny lalandano amin'ny sisiny, avy eo dia naverina norariana indray. Amin'izao fotoana izao dia efa mikoriana tsara ny rano satria efa niala ireo nanentsina sy nanakana ny fandehanan'ny rano maloto, ary voatampina avokoa ireo lavaka teo amin'ny arabe. Teo ihany koa ny fizahana maso maimaimpoana ny ankohonan'ny mpiasa ao amin'ny boriboritany, ny ankohonan'ny mpiasa teo anivon'ny fokontany. Izany dia niarahana tamin'ny ONG Fanasoa. Nisy ihany koa ny fanamafisana ny fahalalana teo amin'ny RF2 sy ny AUE, izay niarahana tamin'ny ONG Positive Planet. Ao amin'ny tsenaben'Ambohimanarina, dia misy ny bassin fanadiovana taovankena, izay mbola eo andalampanamboarana ihany koa amin'izao fotoana izao. Ny fanatsarana sy fandokoana ireo borne fontaine, 8 no efa vita ao anatin'ny 142. Ny Bassin lavoir, 20 ao anatin'ny 30 no vita ary ny bloc sanitaire, 2 ao anatin'ny 3 no vita amin'izao fotoana izao. Ao amin'ny boriboritany fahaenina ihany koa dia misy ny "club d'anglais sy bibliothèque", iavahany amin'ny boriboritany hafa. Izany dia misokatra ho an'ny rehetra sy ho an'ny mpianatra indrindra indrindra. Ny fianarana informatika ho an'ny mpianatra sahirana manomboka amin'ny 8 ka hatramin'ny 12 taona. Izay rehetra maniry hisoratra anarana dia entanina hanatona ny varavarana fahavalo. Koa eto dia manentana ny ankizy hanitatra ny fahalalana sy hikaroka. Ankoatr' izany rehetra izany, ny boriboritany fahaenina dia manara-maso akaiky ny fahadiovan'ny tanàna dia ny lalan-kely sy ny lakan-drano izany, eny anivon'ireo fokontany 5 izay nahazoana fiarahamiasa tamin'ny Positive Planet, tsy hadino ihany koa anefa ireo fokontany ambiny. Ny tanjona amin'izany rehetra izany dia asa sosialy, mba ho fiahiana ara-tsosialy sy fitsinjovana ny mponina hatrany. Ny fanamboarana ny fotodrafitr'asa dia mba ho fanalana ny fahasahiranan'ny mponina amin'ny fiainany andavanandro. Araka izany dia entanina ireo mponina izay mampiasa ireo fotodrafitr'asa ireo, mba hahay hikajy sy hanaja azy ary indrindra hitandrina hatrany ny fahadiovana sy ny filaminan'ny tanàna. Faly ireo olona sendra ny mpanao gazety teny an-dalana nahita ny zava-bitan'ny CUA ary nisaotra sy nankasitraka izy ireo.



*Ny delegen'ny Boriboritany faha-6.*

**Aly**

BORIBORITANY FAHA-2 (CUA)

# Tetikasa momba ny foto-drafitrasa roa an-dalam-panamboarana

Tetik'asa karazany anankiroa no andalam-panatanterahana eny amin'ny boriboritany faharoa, Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA) amin'izao fotoana izao, hoy ny tompon'andraikitra ao amin'ity boriboritany ity Rantolalaina Irvah Randrianalisoa : fanatsarana ny efitrano malalaka fisoratam-panambadiana ao ambany, fanitarana ny trano ao ambony rihana voalohany. Vinavinaina hanaovana "guichet unique", mba hanamorana ny fanatontosana ny asa ao amin'ny boriboritany ary, fanomezana fahafaham-po ho an'ny mponina. Izany dia tontosa nohon'ny fiaraha-miasa sy famatsiambola avy amin'ny FDL, na tahiry ho amin'ny fampandrosoana. Faharoa dia ny fanamboarana sy fanatsarana lalan-kely eny amin'ny fokontany: Antsahabe sy Tsiadana. Teo aloha dia niaina tanteraka tao anatin'ny fotaka ny mponina teny an-toerana, indrindra fa rehefa avy ny orana, ankehitriny dia miha- afaka tsikelikely izany fahasahiranan'ny mponina izany nohon'ny fahavitan'ny lalan-kely izay mirefy 300m eny amin'ny fokontany Antsahabe ary lalana rarivato eny amin' ny fokontany Tsiadana, izay mirefy 400m efa vita tanteraka. Ny lalan-kely eny amin'ny fokontany: Volosarika, Ampamantanana ary Androndrakely no vinavinaina hatao rehefa vita ny teo aloha. Ny lalan-kely izay voalaza dia natao tamin'ny alalan'ny vato nalaina teny an-tsisin-dalàna, ary fasika sy simenitra avy amin'ny boriboritany sy ny CUA. Ny tanjona amin'izao fanatanterahana fotodrafitr'asa izao dia fanatanterahana hatrany ny vina napetrakin' ny ben'ny tanànan' Antananarivo Renivohitra, Lalao Ravalomanana: fanompoana ny mponina, ny fanomezana fahafaham-po ny mponina ary mba ho fanamorana ny fivezivezen'ny mponina any anaty fokontany eto an-drenivohitra, ary hanasoavana ny mponina ahafahan'izy ireo misitraka ny fotodrafitr'asa izay misy eto an-drenivohitra, amin'ny maha- soa iombonan'ny Malagasy an'Antananarivo. Tetsy andaniny, faly sy nankasitraka ny zavabitan'ny Kaominin'Antananarivo Renivohitra ny mponina izay sendra ny gazety teny an-toerana. Maniry ny mba hitohizan'ny asa toy izao izy ireo, ary mangataka ihany koa ny mba hanamboarana ny basin, na ny fanasan-damba eny an-toerana.

***Serge***

Boriboritany faha-4 (CUA)

# Nanatanteraka fora zaza maimaimpoana faobe


Toy ny efa fanao isantaona dia mikarakara hetsika fora zaza maimaimpoana faobe manerana ny Boriboritany miisa 6 ny Ben'ny Tanànan'Antananarivo Renivohitra (CUA), Lalao Ravalomanana. Efa nanomboka tamin'ny fiandohan'ny volana Jona teo izany hetsika izany ary tsy hifarana raha tsy amin'ny volana Aogositra 2019, mba ho fitsinjovana ireo Ray amandReny sahirana eny anivon'ireo fokontany. Raha ho an'ny Boriboritany faha-4 dia tontosa soa aman-tsara omaly teny amin'ny CSB II Namontana izany fora zaza maimaimpoana izany. Tonga nanotrona teny an-toerana ny Delegen'ny Boriboritany voalohany sy faha-4, ny mpanolotsaina monisipaly avy eo anivon'ity Boriboritany ity. Tsy tontosa izany rehetra izany raha tsy teo ihany koa ny fandraisan'anjara mavitrika ny Association Taniko. Raha araka ny nambaran'ny Delegen' ny Boriboritany faha-4 , Ramahandrimanana Solofoniaina Daniel dia zazalahy kely 100 no tonga nisoratra anarana teny anivon'ireo fokontany 32 izay nandrafitra ny Boriboritany ary noho ny tsy fahatomombanan'ny zaza nandritra ny fizaham-pahasalamana sy ny fomba tany sasantsasany izay inoan'ireo ray aman-dReniny dia 63 tamin'izy ireo ihany no nanao didimpoitra tamin' ity andiany voalohany ity. Didimpoitra tamin'ny fomba moderna no natao an'ireto zaza ireto ary ny Kaominina Antananarivo Renivohitra tanteraka no niantoka ny lany rehetra toy ny mpitsabo, ny fanafody, ny malabary, ny kilalaon' ireo zaza. Mbola hisy ny andiany manaraka ho an'ireo Ray aman-dReny izay mbola maniry ny hanaovana didimpoitra ny zanany.



*Ny didimpoitra maimaimpoana faobe tetsy Namontana.*

***Aly***

## SARIITATRA : Kobon'ny olona ny hala-bato amin'ny ville ry Zandry kely




Alaotra Mangoro

# Kitranoantrano ny fanendrena ny talem-paritry ny tanora sy fanatanjahantena

Manoloana ny fanendrena ny Talem-paritry ny tanora sy fanatanjahantena farany teo dia mahatsiaro ho voahilika indray ny zanaky ny faritra Alaotra Mangoro. Fanendrena talem-paritra indroa mantsy izao no voadingana hatrany izy ireo. Ny talem-paritra teo aloha dia tsy hita tany an-toerana nandritra ny fotoana ela ary dia toy ny kamboty tsy nisy mpiahy ny mpanao fatanjahantena any an-toerana. Raha ny fantatra dia mpiasa tsy manana ny diplaoma notakiana ho amin'izany andraikitra izany ity voatendry ity no sady tsy mbola manana traikefa mihitsy eo amin'ny fitantanan-draharaham-panjakana. Maro be anefa ireo zanaky ny faritra ampy traikefa sy mahafehy tsara ny tontolon'ny fanantanjahantena ao anatin'ny faritra. Maro koa ireo nanaraka fiofanana ambony mikasika izany ary mahafehy tsara io sehatra io. Ankoatry izany dia mamofompofona kitranoantrano sy kolikoly ity fanendrena ity satria dia olona tsy nandefa "dossier" akory ity voatendry ity tamin'ny fotoana nitakiana izany, ary tsy isan'ireo nanao ny "entretien"izay isan'ny dingana tsy maintsy narahina teo amin'ny fanendrena. Rehefa natao ny fanadihadiana dia manana rafozana mitazona andraikitra ambony ao amin'ny Comité Olympique ity talem-paritra vao notendrena ity ary io rafozany io no nanao tsindry tamin'ireo tompon'andraikitry ny Ministera, ka nahatonga izao fanendrena izao, na dia tsy nanaraka ireo fepetra notakiana aza izany. Manoloana ny ady ataon'ny fanjakana ankehitriny ho fanafoanana ny kolikoly sy ny kitranoantrano, dia manao antso avo any amin'ireo tompon'andraikitra isan-tsokajiny ireo mpisehatra amin'ny lafiny fanatanjahantena any Alaotra Mangoro ireto, indrindra any amin'ny Minisitra Tinoka Roberto, mba handray fepetra ho tombontsoa ambonin'ny mpanao fanatanjahantena.

***Ny Valosoa***

Boriboritany faha-3 (CUA)

# Nanao fanadiovana faobe ho fiomanana amin'ny fetin'ny 26 jona

Tao aorian'ny fetin'ny Pentekôty sy ho fanomanana ny fetim-pirenena 26 jona dia nisy ny fanadiovana faobe teny amin'ny faritr'i Betongolo « Rue Paul Rahobisoa » omaly tao amin'ny Boriboritany fahatelo, Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA). Lasa toerana fanarian'ny olona fako iny toerana iny, ka tena hita fa miparitaka sy mivangongo ny loto, izany no antony nanaovana izao fanadiovana faobe izao , mba hialana amin'ny fiparitahan'ny otrik'aretina maro samihafa sy ho fitsinjovana ny mponina eny an-toerana. Tonga nanatanteraka ny asa teny an-toerana ny ekipan'ny avy ao amin'ny sampan-draharaha teknika ny Boriboritany fahatelo ; ka mpanadio maro no niaraka nisalahy nanadio tamin'izany : famafana sy fandraofana ary fanalana ny lobolobo. Marihana fa mbola mitohy foana ny fanadiovana. Ary ny Boriboritany fahatelo Kaominina Antananarivo Renivohitra dia manentana ny mponina eny an-toerana mba tsy hanary fako eny intsony, fa hisy ny fepetra ho raisina raha toa ka mbola minia manao izany hoy ny delegen'ity Boriboritany ity Hery Razafintsalama.

***Helisoa***



*Ny fanadiovana faobe tao amin'ny Boriboritany faha-3.*

## Mpiandry raharaha

**PHARMACIE DE GARDE**
**01/06/19 hatramin'ny 08/06/19**

- **RABARISOA** (Andravoahangy (près BOA ex imm SOLOPRIX) 020 22 229 86/034 07 229 86
- **MAHAMASINA** (Mahamasina) 020 22 545 58/020 22 545 59/034 07 545 58
- **ISORAKA** (Isoraka) 020 22 285 04/020 22 694 12
- **CAPITALE** (Rond point Ankazomanga) 020 24 373 11/033 28 693 88
- **AMPANDRANA** (Ampandrana) 020 22 258 99 / 034 19 341 82

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40

Jirama: Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange : 032 32 3547

Pompiers : Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police : Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 300 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :** Rahelisoa A. 034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:** gvalosoa@yahoo.com

**NATONTAN'NY Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 920-06-19
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

### ATRIK'ASA NATAON'NY GFEM

# Lesoka ny famatsiam-bola sy ny fitantanana

Nifarana rehefa nisokatra ny talata lasa teo ny fikaonan-doha narahina fifanakalozan-kevitra teo amin'ny GFEM (Groupements des Femmes Entrepreneurs de Madagascar ), notanterahina tetsy amin'ny Hotel Carlton Anosy. Maro ireo vehivavy mpandraharaha teto an-toerana sy avy any ivelany no nihaona tao, ka nisongadina nandritry ny fihaonana fa mbola lesoka ho an'ny vehivavy mpandraharaha ny tsy fahaiza-mitantana sy ny tsy fanana famatsiam-bola amin'ny fananganana orinasa madinika na salantsalany eto amintsika. Mbola ny 80% ny orinasa madinika sy salantsalany eto amintsika mantsy dia mbola tsy ara-dalàna avokoa raha ny nambaran'ny minisitra tompon'andraikitra. Mbola ezaka arak'izany ny sehatry ny fandraharahana eto Madagsikara raha ny hevitra nivoitra nandritry ny roa andro, ka mbola maha-sarotra ny firoboroboan'ny sehatry ny fandraharahana eto Madagasikara. Manaitra ny tompon'andraikitra mahefa ireto Gfem ny hijeren'ny fanjakana ny momba ny orinasa sy ny sehatry ny fandraharahana satria mbola lesoka ho antsika eto Madagasikara io.

*Rajo*

### Parvis Analakely

# Manao hetsika fankalazana ny fetin'ny Ray ny AJJM

Etsy amin'ny « Parvis » Analakely mandritry ny telo andro, izany hoe ny 14 Jona hatramin'ny 16 Jona, izay fetin'ny ray no hanatanteraka hetsika ny AJJM (Associations des Jeunes Journalistes de Madagascar) . Aorian'ny hetsika dia hanangana ivontoerana ny fikambanan'ny tanora mpanao gazety, ka fitaovana toy ny ordinateur no tanjona amin'izao hetsika izao. Eo ihany koa ny fiofanan'ny mpanao gazety any Antsirabe mandritry ny telo andro ho fanamafisana ny fahaiza-manao amin'ny asa fanaovan-gazety raha ny nambaran'i Théodore Ernest mpitarika ity AJJM ity, satria tsy voafehy intsony ny mpanao gazety sasany, fa raha tsy voabaikon'ny tompon'ny haino aman-jeriny, dia tratry ny tsindrin'ny mpanao pôlitika ihany koa. Tsy mbola foana aloha io hatreto raha ho antsika eto Madagasikara manokana.

*Rajo*

### Fikambanana Lorel

# Manampy ireo ailiky ny fiarahamonina




*Fonjan'Antanimora, anisan'ny anaovan'ny fikambanana Lorel asa sosialy.*


Efa 5 taona izao no niorenan'ny fikambanana Lorel, ary miompana amin'ny lafiny sosialy ny sahanasa ataony toy ny sehatry ny fahasalamana, ny fampihenana ny tsy fanjarian-tsakafo, ny fanampiana ireo tovovavy hahazaka tena hiadiana amin'ny fivarotan-tena sy hihoitra amin'ny fiainana ary ny lafiny tontolo iainana. Misy ny fiaraha-miasany amin'ny hafa ho fanatanterahana izany sahanasany izany. Iray mpiaramiasa aminy ny Tranombarotra Jumbo Score, izay manome fanampiana indray mandeha isaky ny roa volana. Tamin'ity herinandro ity dia nisy izay fanampiana ara-tsakafo natolony izay toy ny ranom-boankazo, sôkôlà, voamaina sy lafarinina, sns... Zaraina amin'ireo toby fitaizana eo anivon'ny faritra Analamanga, Ihorombe, ary Vatovavy Fitovinany izy ireo, ary miisa 1000 ireo mpisitraka azy. Ankoatra ireo faritra ireo, dia efa misy mpikambana ao aminy koa ny faritry Boeny, Sava, Diana, ary Matsiatra ambony. Marihina fa efa niara-niasa tamin' ny fikambanana ihany koa ny governemanta kanadiana, ny Vondrona eoropeana, ny GIZ, ary Oniversité iray any Etazonia.

*Radafy*

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

N° 283




**BL** = Bory Loha
**BR** = Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra


Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0282)

***Mitsivalana***
- Moramora
- Alamo
- Kisoa
- Ity – Vola (Miv)
- Soritra (Miv)
- Zarainao
- Fa (Miv) – Aro

***Mitsangana***
- Mariazy
- Lo (Miv) – Tra
- Rakitra
- Amy – Fay (Miv)
- Mosary
- Olona
- Rasoa (Miv)
- As – OO

### TENY MIFANARAKA N° 283




**Mitsivalana**

**1.** Fampielezan-kevitra **2.** Lovia (Miv) – Tampisaka **3.** Bengy – Tovona (Miv) **4.** Nanangana **5.** Raisina **6.** Tolotra – Hekitara **7.** Kendry – Fafao **8.** Latsa – Kianteny (Miv) **9.** Faritra (Miv) **10.** Bibikely – Matoky

**Mitsangana**

**A.** Zava-maranitra **B.** Mpanoritra anarana – Naoty – Litera roa mifanaraka **D.** Vahoaka ety an-tany **E.** Saka – Milaza fotoana **F.** Andro maizina (Miv) – Tsofoka **G.** Miserana (Miv) **H.** Zava-maitso – Mpanoritra (Miv) **I.** Nahare – Anaty rano **J.** Leha – Daroka K. Mifoha

### Valiny Teny mifanaraka 0282

***Mitsivalana***

1 Fiangonana **2.** Kisoa (Miv) **3.** Adinoy – Ova **4.** Voa (Miv) – Ha (Miv) **5.** Fa (Miv) – Lavitra **6.** Ronono **7.** Aato (Miv) – Roa (Miv) **8.** Ar – Nandà **9.** Aina – Izay **10.** Ina – Vaay

***Mitsangana***

**A.** Sekolinay **B.** Fa – In **D.** Ia – Naona **E.** Nanolotra **F.** Goavana **G.** Osy – Voanio **H.** Ny – Fy – Aza **I.** Ako – Tianay **J.** Var(y) – Ody **K.** Alahatra

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka sy Helisoa

Ny «Collectif des candidats» nanatitra fitoriana teny amin'ny Fitsarana Avo momba ny Lalampanorenana.









Ireo «Collectif des candidats» nanao ny atao hoe «Conférence-débat» teny amin'ny Live Hotel.







